# TORITENY - ALAHADY faha-12 TSOTRA - TAONA D



***Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra. -***
***Eny, fa tsy maintsy hijaly mafy ny Zanak'Olona.***

Ry kristianina havana, misy fotoana tsy maintsy mipetraka mazava ny finoantsika ary tsy maintsy miroso manazava an'izay ary mijoro manambara ny finoana isika, izay ny foto-pampianarana amin'izao Alahady faha-12 mandavantaona izao. Marina fa nambaran'i Jesoa amin'ny Apôstoly sy amintsika ihany koa ny tsiambaratelony manontolo, ny momba azy manontolo ary isika koa tsy maintsy manambara an'izay. Io no atao hoe foto-pinoana ka ambarantsika rehefa manao fiekem-pinoana isika. Zava-dehibe izay satria fototry ny fiainana ary fantantsika tsara fa ny Kristianina dia avy amin'i Kristy ary amin'ny alalany sy ao aminy ary miaraka aminy no hiainantsika izany.

**Vakiteny I :** *Zak.12, 10-11*
**Salamo :** *Sal. 62*
**Vakiteny II :** *Gal. 3, 26-29*
**Evanjely :** *Lk. 9, 18-24*

Lehibe loatra izany fototra ny fiainana manontolo izany ka tsy mahagaga ary raha nivavaka i Jesoa alohany hanontaniany ny momba azy tamin'ireo mpianany.

Izay tokoa ry Kristianina havana, izay ny fampianarana voalohany tiako hampitaina amintsika.

I Jesoa tamin'ny fiainany dia vavaka lalandava ary dia ny fiainany sy ny fitoriana ny vaovao mahafaly dia iray ihany ka noho izany ny vavaka no loharano fototr'izay.
Rehefa misy zava-dehibe eo amin'ny fiainany izy dia efa miombona tanteraka ao amin'ny Ray. Ny atao hoe vavaka dia ny fiombonana amin'ny Trinité Masina. Izay koa no ataontsika ary mahatonga atsika miteny hoe mandray kominio dia ny fiombonana amin'i Jesoa. Ny Eokaristia, io no vavaka faran-tampony amin'ny vavaka Kristianina. Henontsika tamin'ny Evanjely teo fa nivavaka i Jesoa satria fantany fa fototra ny fiainana ny maha-Kristianina no fanambarana ataony amin'ireo mpianany.
Hitantsika i Jesoa nivavaka tamin'ny batemy, tany an'efitra, tamin'izy niova tarehy, tany Getsemania sy ny toerana maro samy hafa. Ambaran'ny Evanjely Md Lioka (*Lk. 9, 18-24)* nivavaka izy amin'ny toerana mangingina ary maharitra mivavaka indrindra amin'ny alina. Io no fototra maha-Kristianina atsika, tsy hoe ny miangona fotsiny na ny fiangonana no zava-dehibe. Izay no mahatonga atsika manova ny teny ho Eglizy fa tsy fiangonana. Tsy isika miara mifankahita ao an-deglizy ihany fa ny fototra dia isika mivavaka koa.
Toe-piainana ny mivavaka ary izay ny mahatonga atsika milaza ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ary dia ao amin'ny vavaka izany.
Ry Kristianina havana rehefa avy nivavaka i Jesoa dia nanatona an'ireo Apôstôly ka nanontany hoe : " ataon'olona ho iza aho ?" Dia namaly ny mpianatra hoe : ny sasany manao hoe Elia, ny sasany i Joany Batista ary ny sasany milaza kosa anankiray amin'ny mpaminany.

Aza gaga isika raha misy fampianarana etsy sy aroa na ny miseho eo anivon'ny Eglizy aza, henontsika ny zava-nisy tany atsimo. Fantaro anefa fa tokana ny Eglizy ary mifototra ao amin'i Kristy. Henontsika eto ny foto-pampianarana mikasika an'izay.
Aza mivilivily làlana isika ary aza manaiky ho fitapitahana. Hoy indrindra i Piera izay nisolo tena atsika rehetra nanao hoe : "Ianao no Kristin'Andriamanitra".
Kristy izay iavian'ny anarantsika Kristianina. Nambaran'i Jesoa tamin'i Piera ary fa tsy avy aminy no nahaizany namaly an'izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra. Izay ny finoana ka fantaro ry Kristianina havana fa ilaina ny vavaka satria vokatry ny Fanahy masina no hahafahantsika manambara fa i Jesoa ilay nitsangako-velona dia nijaly sy maty ary izay no nambaran'i Jesoa fa tsy maintsy hijaly mafy ny zanak'olona, harian'ny loholona sy ny mpanora-dàlana, ho vonoiny fa hitsangan-ko velona.

Izay ny làlana ho antsika : raha misy te-hanaraka ahy, aoka izy handà ny tenany ka hitondra ny hazo fijaliana. Izay ny maha-Kristianina atsika sy hitondra ny famonjena atsika.
Izay ny finoantsika ao amin'i Kristy izay nambaran'i Piera araka ny Evanjely Md Lioka henontsika teo fa ao amin'i Md Matio i Jesoa milaza fa izy no Piera, vato iorenan'ny Eglizy.

Izay ny maha-Eglizy Katolika Apôstôlika Romana atsika noho izy any Roma ny foibeny, tsy misy Eglizy Katolika maro fa tokana ihany ka aoka tsy hirihoriho ny saintsika.
Izay ny fototra faharoa ny fampianarana amin'izao Alahady faha-12 mandavantaona izao.

Tsy akandrina anefa ny finoantsika fa ho entina amin'ny fiainana. Vokatry ny finoana dia miova ny fontsika araka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*Gal. 3, 26-29):*
Isika izay vita batemy dia mahazo ny ain'i Kristy, olom-baovao, olo araiky amin'i Kristy, zanak'Andriamanitra isika dia mitafy an'i Kristy, ka ny fiainantsika manontolo dia mitafy an'i Kristy ka miaraka aminy isika ary amin'ny alalany.
Izao fankalazana ny Eokaristia izao dia tsy mifarana eto, ny fiekem-pinoana nataontsika sy ny fiombonantsika amin'i Kristy fa entina any amin'ny fiainantsika satria mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Fiainantsika manontolo dia i Krisy, an-koditra i Kristy fa tsy fitafy ety ivelany fotsiny. Marina nilaza i Md Paoly hoe "mitafy an'i Kristy", ny fitafy mety esorina na ovana fa ny hoditrantsika no lazain'i Md Paoly izay itovizantsika amin'i Jesoa dia ny endrintsika manontolo. Izay ny nolazaintsika tamin'ny Alahady faha -11 lasa teo : Tsy izaho fa i Kristy no mivelona ato amiko. Izay no maha-Kristianina atsika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, Ianao no mahatonga anay ho Kristianina. Enga anie ny fanahinao tokoa no ho ato aminay. Araka ny nambaranao tsy maintsy mandà tena izahay izany hoe miala tamin'ny fiainana taloha ary amin'ny alalan'ny famolahan-tena araka ny fampianaranao hoe " izay tia hamonjy ny ainy hahavery azy fa izay mahafoy ny ainy noho ny amiko dia ho voavonjy". Atolotray anao ny fiainanay manontolo ka enga anie Ianao tokoa hitafy anay ka izay mba fiainanao no fiainanay. Ny Fanahinao masina anie hamolavola anay ka hahatonga anay ho Kristianina tokoa hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson